# Ilay Voa Tsara Nafafy 25 Jolay 2018

# 25 Alarobia
jolay

**Tsy maintsy hateraka indray ianareo.** Jaona 3. 7

**Koa raha ny Zanaka *(ny Zanak'Andriamanitra)* no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo.**
Jaona 8. 36

**Voaova ilay mpilalao baolina lavalava**

Va'aiga Tuigamala, teraka tamin'ny taona 1969 ary fantatra amin'ny anarana hoe Inga, dia nanjary nalaza erantany tamin'ny lalao baolina lavalava iraisam-pirenena. Nobeazina tao anatina fianakaviana kristiana i Inga, ary nanatrika tsy tapaka ireo fotoam-pivavahana. Fony zatovo anefa izy dia tonga mpanao fanatanjahantena mafana fo, ka nanjary ambin-javatra ny resaka finoana. Tany antsekoly dia ratsy fitondrantena ny namany sasantsasany. Nanakana azy tsy hiaraka tamin'izy ireo ny fanabeazana noraisiny, nefa tamin'ny farany dia nahery kokoa ny fitaoman'izy ireo, ka dia nialan'i Inga ny fanabeazana azony.

Saingy rehefa nandeha teny ny taona, dia nanjary nifanesy nino an'i Kristy ireo tovolahy ireo. Sarotra tamin'i Inga ny nino izany. Hoy izy hoe : „Hitako nisy fiovana teo amin'ny fiainan'izy ireo. Tovolahy ratsy toetra izy ireo taloha, kinga erỳ hanao ratsy mandrakariva sy hampisy olana. Nefa dia tena niova !" Nodinihin'i Inga tsara izy ireo, nandritra ny herinandro maromaro, tsy ninoany hoe haharitra tsy hiverin-dalana. „Tsy noheveriko mihitsy ny hahita zavatra tena vaovao tanteraka tao amin'izy ireo, dia fiadanana, fifaliana, ary fitiavana." Koa naniry hanana izay nananan'ireo namany koa i Inga. Ny iray tamin'ireo mpampianatra azy, izay vehivavy kristiana, dia nanazava taminy fa tsy maintsy miaiky ny fahotany amin'Andriamanitra izy, ary mametraka ny fiainany amin'i Jesosy Kristy. Nolazain'io vehivavy io izy hoe tsy maintsy „ateraka indray". Taona 1986 tamin'izay.

Dia nisy fiovana tena marina sy naharitra ihany koa teo amin'i Inga. Ary noho ny fijoroany ho vavolombelona, dia nisy sasantsasany tamin'ireo mpiray ekipa taminy taloha, nanjary nahafantatra ny Tompo Jesosy koa, ary nahazo fiadanana sy fifaliana, niaina miaraka amin'i Jesosy.